FOULPOINTE

# RANGAHY MATY NANANTON-TENA TAO ANTRANONY FA NILAOZAN'NY VADY AMAN-JANANY

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7639 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 09 aogositra 2023


MARINA IZANY ! 7

## MANDRY ANDRIRAN'ANTSY !

FANTINA



## FOMBA TSOTRA METY MAHAFAKA SERY SY KOHAKA

TONTOLON'NY FITSARANA 7

# VAKY NY ADY EO AMIN'NY VADINTANY SY NY MPISOLOVAVA



ANDRANOMENA 4

## NOVELESINA "BOIS ROND" NY LOHAN'ILAY MPANAO GAZETY, NOROBAINA NY VOLA SY NY FINDAINY

TIM TENY AMIN'NY CENI

## NANGATAKA NY HIJERENA IREO OLONA 240 451 TSY TAFIDITRA LISITRA

7

"INTERNATIONAL DEMOCRATE CENTRISTE" 7

## MANOHANA NY FILATSAHAN'I HAJO A. HO FILOHA

TALE JENERALIN'NY CNaPS VAOVAO 7

# HAMERINA NY FITOKISAN'NY MPANDOA LATSAKEMBOKA SY NY MANGARAHARA

MPITATITRA SOLIKA JIRAMA 8

## MANAMBANA HITOKONA




ASIEF

# Ho fantatra anio avokoa ireo nanao hosoka



Tsy maintsy voasazy izay tsy manara-dalàna, hoy ny filohan'ny Asief, Andrianarison Jean Aimé.

*Tsy azo atao ny mampilalao olona nanana kara-pilalaovana federaly tamin.ny taompilalaovana 2021.*

Anatiny tanteraka amin'izao fotoana izao ny fifaninanana nasionaly ho an'ny ASIEF. Na dia teo aza ny savorovoro kely nitranga tany amin'ny fiantombohan'ny lalao dia tsy nahasakana ny fitohizany izany, izay efa mamaramparana ny dingana fifanintsanana, ireo taranja iraisana. Raha ny vaovao voaray tany an-toerana dia nisy ireo tratra nampiasa mpilalao tsy aradalàna na tany amin'ny taranja baolina kitra na ny fifaninanana Volleyball sy ny baskeball, ary efa nisy ireo voasazy. Tsy hijanona amin'izany fotsiny fa hitafa amin'ny mpanao gazety ny filoha sy ireo ekipa anivon'ny ASIEF anio, hamoaka ny anaran'ireo Minisitera na Andrim-panjakana tsy nanara-dalàna. Nampahatsiahivin'Ingahy Andrianarison Jean Aimé, fantatra amin'ny hoe Jhon Love, fa tsy azo atao ny mampilalao olona nanana karapilalaovana federaly tamin'ny taom-pilalaovana 2021, voarakitra anatin'ny fitsipika ny fifaninanana. Raha hiverenana, anisan'ny andiany tena niavaka ity 2023 ity, satria olomanakaja maro no tonga nanome voninahitra ny lanonam-panokafana. Ankoatra izay, teo ilay lalao ara-pirahalahiana nifanandrinan'ny mpikambana amin'ny governemanta sy ny ekipa avy amin'ny faritra Atsinanana. Ny praiminisitra lehiben'ny governemanta mihitsy moa no nitarika sy niakatra an-kianja tamin' izany, nampiseho maodely sy miantso ny olon-drehetra tsy an-kanavaka, fa ilaina ny manao fanatanjahantena, hahazoana fahasalamana sy hery ary tanjaka, hahafahana manatontosa ny asa sy andraikitra miandry.

**Rabenaivo**

# Akon'ny mpilalao malagasy any ivelany

Njiva Rakotoharimalala

## Nampidi-baolina voalohany tao anatin'ny ekipany vaovao

Lalao voalohany niarahany tamin'ny ekipany vaovao, Ratchaburi FC, any Thaïland, dia nampidibaolina sahady i Njiva Rakotoharimalala, izay nahazoan'ny ekipany fandresena tamin'ny isa 3 no ho 1. Teo amin'ny fizarampotoana voalohany dia mbola nataon'ny mpanazatra azy mpiandry toerana i Njiva. Nampidirana azy teny ambony kianja anefa no ela dia anisan'ireo mpilalao nampidi-baolina tao anatin' ny ekipany izy. Heverina fa izao toerana misy azy ao anatin'ny Ratchaburi FC izao dia hampiakatra indray ny lentany sy ny fahaizamanaony. Ahazoany mandresy lahatra ihany koa ny mpankafy baolina kitra sy ny mpanazatra fa mbola anisan'ny andrin'ny Barea de Madagascar any amin'ny lohalaharana mpanafika izy. Lesoka ho an'ny mpilalao matihanina any ivelany tokoa mantsy ny tsy fahitana ekipa ilalaovana. Araka izany dia ho sarotra ho an'ny mpitantana ny ekipam-pirenena ny hiantso azy.



**nangonin'i a.r**

Ando Manoelantsoa

## Nahazo zazalahy mpandimby



Tonga amin'ny faniriana notadiaviny i Ando Manoelantsoa, "Pro", fa nahazo zazalahy kely tamin' i Rindra vadiny, izay azo veroka fa mety hanaraka ny dian-drainy koa amin'ny filalaovana baolina kitra. Nivoaka tamin'ny fianakaviana mpiondana an'ity taranja ity mantsy ry Ando "Pro", ary azo lazaina fa maro lahy mihitsy, izay mahavita ekipa tokana manan-talenta amin'ny filalaovana kitra. Efa azo antoka fa maro ny handimby ny toeran'izy sy Bolida zokiny, izay efa manana roa lahy ihany koa, atsy ho atsy amin'ny fiangaliana kitra ka hampiakatra avo ny lazan'ny firenentsika. Ankoatra an'i Bolida miahy ny AAMI Ankazomanga dia mbola manohana ny sekolin'ny Strongest Bevalala ihany koa i Ando "Pro".

**nangonin'i a.r**


MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

NAOTY FAMPAHAFANTARANA NY FANDAMINANA MAHAKASIKA NY TAOM-PIANARANA 2023-2024

Araka ny fampiharana ny didim-pitondrana laharana **20829/2023/MEN** izay mamaritra ny tetiandrom-pampianarana 2023-2024 sy araka ny Naoty fampahafantarana laharana 2023/574 /MEN/SG, ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena RABENANDRASANA Teophil dia mampahafantatra izao toromarika mahakasika ny fandaminana sy ny fanomanana ny taom-pianarana 2023-2024 manaraka izao :

Ireo Talen-tsekoly dia tokony hanaraka ireto toromarika manaraka ireto :
- 17 Jolay ka hatramin'ny 11 Aogositra 2023 : daty fanoratana anarana ho an'ny kilasy 6ème sy 2nde ; ezahina hatao mifanaraka amin'ny fahafaha- mandray ny sekoly ny isan'ny mpianatra.
- 14 Aogositra ka hatramin'ny 01 septambra 2023 : famoahana ny lisitra faharoa ho an'ny mpianatra voaray ao amin'ny kilasy 6ème sy 2nde izay marihina fa tsy maintsy ialohavan'ny fangatahan'ny talen-tsekoly miaraka amin'ny taremarika izay manamarina fa mbola afaka mandray mpianatra kilasy 6ème sy 2nde taorian'ny fanoratana anarana ny sekoly izay tantanany. Ny Lehiben'ny Fari-piadidiam-pampianarana avy eo no manome ny fahazoan-dalana hamoaka izany lisitra faharoa izany. Izany hoe tsy ny sekoly rehetra no afaka mamoaka lisitra faharoa ho an'ny mpianatra voaray ao amin'ny kilasy 6ème sy 2nde fa izay mbola manana toerana malalaka ihany. Ireo mpianatra nahazo ny naoty ambony indrindra moa no voaray amin'izany.
- 07 Aogositra ka hatramin'ny 25 Aogositra 2023 : fanohizana ny fanoratana anarana.
- 14 Aogositra ka hatramin'ny 25 Aogositra 2023 : fanaovana jery todika ny taom-pianarana 2022-2023, tombana , fanarenana ny lesoka izay iarahan'ny ekipan'ny fari-piadidiam-pampianarana sy ny fari-pitantanana ara-pedagojia ary ny solontenan'ny talen-tsekoly. Mandritra izany no handrafetana ny paikady hanatsarana sy hampandrosoana ny kalitaon'ny fanabeazana any amin'ny toerana iandraiketany avy.
- 21 Aogositra ka hatramin'ny 25 Aogositra 2023 : fidiran'ireo mpitantana ny sekoly sy fivoriam-ben'ny FEFFI
- 28 Aogositra ka hatramin'ny 02 septambra 2023 : fizarana ny fandaharam-pianaran'ireo mpampianatra, fandaminana mahakasika ny pedagojia.
- 04 septambra 2023 : fidiran'ny mpianatra
- 21 Aogositra ka hatramin'ny 07 septambra 2023 : fandaminana mahakasika ny famindrana mpianatra sy ny fitsapam-pahaizana. Ny famindrana mpianatra moa dia natokana ho an'ny mpianatra avy amin'ny sekolim-panjakana raha toa ka hoa an'ny mpianatra avy amin'ny sekoly miahy tena ny fitsapam-pahaizana.

Mahakasika ny saram-panoratana anarana hiditra any amin'ny EPP sy CEG ary Lisea sy ny saram-panoratana anarana handray anjara amin'ny fanadinam-panjakana dia tsy handoavam-bola avokoa fa raisin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny fanefana izany. Ny naoty fampahafantarana laharana 11°2021/028/MEN/SG kosa anefa dia manome alalana ireo tompon'andraikitry ny sekoly hampandray anjara ireo ray aman-drenin'ny mpianatra mahakasika ny fampandehanana ny sekoly. Marihina fa ny vola aloa amin'izany dia tapahina mandritra ny fivorian'ny Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony (FEFFI) sy ny ray aman-dreny miaraka.

Araka ny didim-pitondrana laharana 2015-707 dia ny Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony (FEFFI) no misahana ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny sekoly.

Ny fampiasana ny sekoly manara-penitra vaovao kosa dia iandraiketan'ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny fari-piadidiam-pampianarana any amin'izany toerana iorenan'ny sekoly ny fanokafana izany ary ny mpiasa hiasa amin'izany dia iandraiketan'ny Vaomiera nasionaly misahana ny famindran-toeran'ny mpiasam-panjakana (CNA).

Mahakasika ny fampiharana ny fandaharam-pianarana vaovao dia toy izao manaraka izao :
- Ho an'ny Lisea : ny fandaharam-pianarana vaovao izay nampiasaina nanomboka ny taom-pianarana 2018-2019 no ampiharina, izany hoe n'y sokajy A, C, D dia afaka hovaina ho sokajy L, S, OSE.
- Ho an'ny kilasy T1, T2, T4, T5, T7, T8 any amin'ny EPP sy CEG ary ny sekoly miahy tena sangany dia ny fandaharam-pianarana vaovao no ampiasaina raha toa ka ny fandaharam-pianarana ampiasaina amin'izao no ampiasain'ireo sekoly miahy tena ambiny.
Ny mpampianatra rehetra dia tsy maintsy manokana ora fanarenana ho an'ireo taranja tsy voafehin'ny mpianatra mandritry ny iray volana voalohany. Ny talen-tsekoly sy ny mpampianatra dia tokony hampiasa ny « Répartition Annuelle du Programme Scolaire »(RAPS) sy ny « Répartition Annuelle du Programme d'Etude » (RAPE) ho an'ny « niveau confondu ». Ireo mpampianatra rehetra izay hampiasa ny fandaharam-pianarana vaovao dia angatahina mba hampiasa ny « Fascicule de Ressources Pédagogiques « (FRS).

Mahakasika ny fampidirana ireo mpampianatra FRAM hiasa kosa dia tsy azo atao araky ny voalazan'ny « **Note de service » laharana 2014/100-MEN/SP.**

Ny resaka antontan'isa na « campagne statistique « dia tsy maintsy hatao iray vola aorian'ny fidiran'ny mpianatra. Atao mandritra izany ny fanisana ireo sekolim-panjakana sy sekoly miahy tena miasa amin'ny alalan'ny famenoana ny « Fiche Primaire d'Enquête » ( FPE) izay tsy maintsy fenoina raha toa ka tsy voatery ny famenoana ny 'Fiche des Infrastructures et d'équipements « (FIE) ho an'ny sekoly miahy tena.

Mahakasika ny fangatahana hanangana sekoly vaovao, fanokafana indray, ny fampanarahan-dalana ny sekoly efa misokatra dia entanina mba hametraka ny antontan-taratasy mifanaraka amin'izany eny amin'ny « Division de Planification Locale » anivon'ny fari-piadidiam-pampianarana. Ny eo anivon'ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena no mijery sy mandray ny fanapahan-kevitra mikasika ny fisokafany na tsia ho an'ny kilasy garabola sy ny ambaratonga fototra ary ny kolejy araka ny fangatahan'ny eo anivon'ny fari-piadidim-pampianarana ; raha toa ka ny foibem-pitondrana misahana ny drafi-panabeazana kosa no manapa-kevitra ny fisokafana na tsia ho an'ny Lisea araka ny fangatahan'ny eo anivon'ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena. Ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena no manome ny fahazoan-dalana misokatra izay vao afaka mandray mpianatra ny sekoly vaovao. Noho izany dia tsy afaka misokatra ny fianarana iray raha tsy ara-dalàna avokoa ny antontan-taratasy rehetra nilaina momba izany.

Mahakasika ny fiarovana amin'ny voina an-tsekoly, araka ny lalàna 2020-005 dia tsy maintsy manao fiantohana an-tsekoly na « Assurance scolaire » ny sekoly miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana rehetra mba ho fiarovana ireo mpianatra amin'ny loza mety hitranga mandritry ny fampianarana. Noho izany dia entanina ny ray aman-dreny mba handoa ny latsakemboka any amin'ny SAF PASCOMA farafahataritry iray volana aorian'ny fidiran'ny mpianatra mba hanefana ny sarany fitsaboina hatao ho an'ireo mpianatra tratry ny loza sy ho fampandehanana ihany koa ny toera-pitsaboana eny anivon'ny sekoly.

Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia mampahafantatra antsika fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny pejy Facebook "Mi@natra", izay loharano fanovozam-pahalalana amin'ny sehatry ny fanabeazana.

Manasa antsika hitsidika ny pejy Facebook.

Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena Ofisialy

mi@natra

G CL 406/31-28

FOFIKRI Ankadikely Ilafy

# "Fanala show" iarahana amin'ny Mr Sayda

*Hanentana mandritra ny hetsika kosa ireo mpanao hatsikana, ahitana an-dRy Miranto GODAR, Tsingetry sy Mah ary Vitika.*

Miomana fatratra amin'ny fiatrehana ny hetsi-panabeazana Tendro izay atao any Fianarantsoa ny 18 ka hatramin'ny 22 aogositra izao ny Tily eto Madagasikara, ka anisan'izany ny Faritany Tily Analamanga Avaratra. Mba hahafahan'izy ireo manatrika izany dia manao fitadiavambola izy ireo. Ny asabotsy izao dia mikarakara fampisehoana izy ireo ka mpanakanto dimy mianadahy anisan'ny sangany eto amin'ny tanàna no hanolotra seho miavaka eny amin'ny FOFIKRI Ankadikely Ilafy. Hanafana ny fotoana amin'izany i Mr Sayda sy ny talentany ary nasaina hanotrona ny hetsika ry Keidi, Rifanne, Poety Rebely, Django, Andry Kossel. Hanentana mandritra ny hetsika kosa ireo mpanao hatsikana, ahitana an-dRy Miranto GODAR, sy Tsingetry sy Mah ary Vitika. "Fanala Show" ny lohahevitra entin'ny Faritany Tily Analamanga Avaratra manamarika ity hetsika fitadiavam-bola ity. Efa nandrasan'ny maro ihany koa izy io ka tonga ny fotoana hifanohanana sy hifanomezan-tanana ary hizarana hafanana sy hafaliana ary tsiky. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fampisehoana saingy nosokafana alohan'ny amin'ny 12 ora antoandro ny varavarana mba hialana amin'ny fivezivezena mitady toerana. Misy mantsy ny toerana natao ho an'ireo nanao famandrihana mialoha ary misy ihany koa ny toerana tsotra. Ny tapakila dia efa azo raisina eny amin'ny Ekipa Filoha Fanala (Filohan'ny Faritra) fa misy ihany koa eny amin'ny AGRI-SHOP Analamahitsy eo ampitan'ny Galana sy Ankadikely, ary mandritra ny andron'ny fampisehoana.



**Fampisehoana miavaka iarahana amin'i Mr Sayda.**

Tiaray R

Sombiniaina

# Hampikakakaka etsy amin'ny Macass

Efa elaela indray izay no tsy nahenoana an'i Sombiniaina, mpanao hatsikana, teny an-tsehatra. Rahampitso dia manome fotoana an'ireo mpankafy azy ny tenany etsy amin'ny Macass Ambatomena. Fihomehezana ranoiray toy izay efa nahafantarana azy hatramin'izay ihany no miandry ny rehetra amin'io fotoana io ary dia mampanantena izy fa hitondra zava-baovao indray ao anatin'izany. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fotoana amin'io ary natao maimaimpoana ny fidirana. Raha tsiahivina moa dia efa ela ihany no naha mpanao hatsikana an'i Sombiniaina. Efa nisy maromaro ny seho natolony ary efa manana ny mpankafy mpanaraka azy akaiky mihitsy izy. Tsy ny Malagasy irery fa misy koa ireo vahiny mankafy ny zavatra ataony. Misy zava-baovao noketrehiny moa any, izay mbola hivoaka tsy ho ela any anaty tambajotran-tserasera any. Any anaty pejy fesibokiny any moa izy no mandefa ireo vaovao mahakasika azy rehetra sy manolotra hatsikana ho an'ireo mpanaraka azy koa rehefa tsy miakatra an-tsehatra. Mikasika ny hatsikana ataony, tsy mifidy lohahevitra loatra izy fa saika resahiny avokoa ny zavatra rehetra. Voasarona ao avokoa ny politika, ny sosialy, ny koltoraly. Izany rehetra izany dia mifono hafatra fa tsy mijanona ho hatsikana tsotra fotsiny.


**I Sombiniaina.**

Tanya.R

Feon'Anjomara Vaovao

# Hanatanteraka kaonseritra ara-pilazantsara lehibe hanamarihana ny faha-20 taonany

Hanatanteraka kaonseritra ara-pilazantsara lehibe ny F.A.V, na ny Feon'Anjomara Vaovao, amin'ny alahady izao, hanamarihana ny faha-20 taona nijoroany. Ao amin'ny Ekar Kristy Mpanjaka Manjakaray no hanatanterahana izany ary hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fotoana. Antoko mpihira iray novolavolain'ny fiangonana katôlika EKAR Manjakaray ihany moa izy ireo. Ny fitoriana ny Teny Soa amin'ny alalan'ny hira no efa fanaon'ity vondrona ity hatramin' izay. Mahatratra 40 ny mpikambana ao amin'ity antoko mpihira ity. Marihina fa mifangaro ao anatin'izany ny ankizy, ny tanora, ary ireo efa zokiny. Ny mozikan'izy ireo no fanairana amin'ny ankamaroan'ny onjam-peo, na eto an-drenivohitra na any amin'ny faritra. Hirampinoana, matetika atao amin' ny lamesa ekiomenika, koa ny hirany. Noho izany, ity hetsika ity dia ho fotoana hahafahan'ny mpankafy ny mozika evanjelika hahita ny F.A.V an-tsehatra amin'izay. Ankoatra azy ireo koa anefa dia ho avy hanafana ny sehatra eo koa ny tarika Reko sy Ritsoky ny fanahy. Hizara roa moa ny fotoana ka ao amin' ny tapany voalohany dia seho natao indrindra ho an'ny tanora mankafy ny gadona evanjelika «urbain» no ho hita, ka dia hahazo ny anjarany tsara izy ireo mandritra izany. Ao amin'ny tapany faharoa kosa dia seho gasygasy indray no ho hita ka dia samy hahazo fahafinaretana ao anatin' izany indray ireo efa zokiny. Fiaraha-mifaly sy fiarahana mivavaka no tanjona ao anatin'ny hetsika, indrindra moa fa ho an'ny fikambanana. Irariana mihitsy ary mba hitondra fiadanam-po, hanamafy ny finoana, ary hitodika any amin'ny mandrakizay ny tsirairay rehefa avy mijery ity seho ity, ka misy ny vatsy hoentiny amin' ny andavanandro indray, satria iaraha-mahalala fa mihasarotra ny fiainana.



Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy aiza akory no ahitana ny fanirianao rehetra fa ivelan' ny fiainana heverinao fa mampiadana sy soa."
Ny Vetso (29 .03. 14)
("Tout ce que vous désirez se trouve tout juste à l'extérieur de votre zone de confort."
Robert ALLEN)

FANTINA

# Fomba tsotra mety manafaka sery sy kohaka



***Ireo fomba natoraly mety mahafaka sery sy kohaka no soso-kevitra entina amintsika eto amin'ny Fantina anio mba hanampiana an'ireo izay tsy dia tia mihinana fanafody. Rehefa tsy mety anefa dia aleo foana ihany manatona mpitsabo.***

**Mitsako sakamalao**

Ho an'ny olon-dehibe, raha mahatanty dia ny sakamalao tsakoina, alona ao am-bava mandritra ny minitra vitsy. Raha tsy mahatanty kosa dia totoina ary afangaro amin'ny tantely. Mandritra ny 3 andro no manao izay, dia jerena izay vokany.

**Misotro ranom-boasary makirana ampiana tantely**

Potserina hiala ny ranon'ny voasary makirana dia izay fatran'iny no fatran'ny rano sy ny tantely atao aminy. Raha olon-dehibe dia mihinana iray sotro lehibe maraina sy antoandro, fa raha zaza kosa dia iray sotrokely.

**Miotra amin'ny diloilo coco**

Tsy avy hatrany dia ahosotra amin'ny vatana ny diloilo coco fa atao mipetaka amin'ny afo kely. Izany hoe ahosotra amin'ny tànana ilay menaka dia avy eo ahodina eo amin'ny afo mba hafana tsara. Rehefa mahamay tsara iny, dia ahosotra amin'ny tratra sy lamosina, rehefa voahosotra dia somary orina kely atao mihodidina ny tratra sy lamosina iny.

**Manao « sirop » tongolo gasy sy sakamalao**

Totoina ny tongolo be (oignon) sy tongolo gasy ary sakamalao iray sotro fihinana avy. Andrahoina amin'ny rano 1 litatra misy tantely impito sotro fihinanana ihany koa. Rehefa masaka, avela hangatsiaka ary tehirizina tsara. Iray sotro fihinana isaky ny misotro.

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
Tale jeneraly : Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 222 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Bitro sy olatra

**Ireo zavatra ilaina :** bitro notetehina, tongolo be 4, olatra 300g, divay fotsy 30 cl, dità, persily, menaka, lafarina, sira sy dipoavatra

**Fomba fikarakarana azy :** Voasana ny tongolo be dia tetehina. Diovina tsara ny olatra dia tetehina ka tsihifina tsara anaty lamba madio. Asiana lafarina ny bitro dia endasina anaty lapoaly misy menaka mafana. Araraka ao ny divay fotsy avy eo dia aza hadinoina ny hani-maitso, ny tongolo be. Masahana mihitsy. Arotsaka ao ny olatra dia masahana farany. Aroso mafana miaraka amin'ny vary na paty na ovy nendasina

**PETITES ANNONCES Gazetiko**

**MIVIDY**

* Miora. Mividy : Kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 609/17-13)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-6)

* Lamba, kiraro, poketra, lakozy, debara, kilalao, frigo. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-5)

**SERVICE**

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 616/6-3)

**VIDANGE**

* Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-1)

Andranomena

# Novelesina " bois rond " ny lohan'ilay mpanao gazety, norobaina ny vola sy ny findainy

*Vao avy namoaka andinin-dahatsoratra miendrika famakafakana ara-politika somary mahery vaika izy.*



Efa nahazo fitsaboana i Gaetan Andriatsilavohery, mpanao gazety.

Fanendahana sa vono olona niniana natao ? Io no fanontaniana miepatraka ny amin' ny tranga nahazo an'i Gaetan Andriatsilavohery, mpanao gazety mpikirakira vaovao politika amin'ny haino aman-jery tsy miankina. Nirava niasa izy no nisy nively tamin'ny « bois rond ». Izany hoe nokasaina notaperina mihitsy ny ainy, saingy tsy izay no zava-niseho. Vokatry ny fahavoazana nanaovana azy io dia vaky ny lohan'ity mpanao gazety rahalahy ity. Voaroba niaraka tamin'izany ny finday teny aminy sy ny vola. Tetsy amin' ny lalana Andranomena io tranga io, ary voatery naiditra hopitaly tsy fidiny izy. Marihina fa vao avy namoaka andinin-dahatsoratra miendrika famakafakana ara-politika somary mahery vaika i Gaetan Andriatsilavohery ka izay no mahatonga ny ahiahy sao sanatria ho valifaty no nahazo azy. Raha tsy izany dia mipetraka ny porofo fa efa mihoatra ny mety ny tsy fandriam-pahalemana sy ny asa fanendahana eto andrenivohitra. Tsy ambakan' izany ihany koa ny any amin' ny faritra sasany.

**Fahalemana**

Tsiahivina mantsy fa mpanao gazety iray hafa koa no niharan'ny fanafihana tao amin' ny faritra Vakinankaratra tao, raha ny marina kokoa teo anelanelan'Ankazomiriotra sy Fidirana. Handeha hanao ny asany any amin'ny kaominina Betsohana ity mpanao gazety ity no notafihin'ny jiolahy dimy nitam-piadiana. Nitondra môtô ihany koa ireo jiolahy nanakana azy ary tonga dia noteren'ireo teny amin'ny sisin-dàlana izy. Nianjera tamin'ny tany ilay mpanao gazety saingy mbola nodarohin'ireo jiolahy tamin'ny kibay ny lamosiny. Noteren'ireo hamoaka ny vola tany aminy izy ka norahonany fa tonga dia hotifiriny rehefa tsy manome. Lasan'ireo jiolahy tamin' izany ny lelavola mitentina roa hetsy Ariary tao anaty fitoeram-bolany. Ilay mpanao gazety kosa torana tsy nahatsiaro tena vokatry ny daroka nahazo azy. Tsy mitsahatra manao antso avo amin'ny tomponandraikitra hatrany ny rehetra mba hanamafisina ny fampandriana ny fahalemana, satria saika ho ny sokajin'olondrehetra no iharan'izany.

**Ariel D.**

Raharaha zanaka " baobab "

# Pakistaney roa sy Malagasy iray any Tsiafahy

Niakatra fampanoavana ny alatsinainy teo ireo olona 3 tafiditra tamin'ny raharaha zanaka baobab, anisan'ny zavamaniry atahorana ho lany tamingana. Anisan'ireo nidoboka eny Tsiafahy ireo teratany pakistaney Yassen Aly sy Asad Murad ary ilay Malagasy Razakatsifera Jean Thierry. Raha tsy misy ny fiovana dia amin'ny 19 septambra amin'ny 8 ora maraina, ao amin'ny efitrano faharoa, lapan'ny fitsarana Anosy, no hatao ny fitsarana. Tsiahivina fa tratra tao amin'ny tokantrano iray tetsy Analamahitsy ireo olona ireo. Nisy ny fisavana natao rehefa nahazo alalana avy tamin'ny fitsarana ka nandritra izany no nahitana ireo zavamaniry zanaka baobab ireo. Olona tsara sitrapo no nanome ny loharanombaovao ka nahafahan'ny zandary avy ao amin'ny brigade Tana Ville nidina teny an-toerana. Tratra ireo mpanao varomaizina ireo ka zanaka « baobab » arivo isa no tratra tao, ilay antsoina amin'ny anarana siantifika hoe « pachipudium », na koa hoe « baobab nain », izay efa milanja ho 2 taonina eo ho eo. Efa naterina any amin'ny tomponandraikitry ny rano sy ny ala kosa ireto zavamaniry ireo.

**Ariel D.**

Foulpointe

## Rangahy maty nananton-tena tao an-tranony fa nilaozan'ny vady aman-janany

Maty nananton-tena tao an-tranony ity raim-pianankaviana iray tokony ho telopolo taona mahery eo, tao Tanambaovao Foulpointe, ny alatsinainy antoandro lasa teo. Izy efa nihantona tamin'ny tady tsy nisy aina intsony no hitan'ny olona. Mpiara-monina tonga nitady azy tao an-tranony no taitra raha nahita izany ka nampandre haingana ny manodidina. Nantsoina ihany koa ny mpitandro filaminana. Raha ny fanazavana azo dia disadisa tao an-tokantranony no nahatonga azy namono tena. Resaka fitantanam-bola no voalaza fa tena fototry ny olana teo amin'izy sy ilay vadiny. Feran'ilay rangahy ny vola omeny ny vadiny ka izay tiany homena ihany no omeny. Ilay ramatoa no miantoka izay maha-ampy izany. Efa mitaraina foana ilay ramatoa fa tsy ampy hamidy sakafo akory ny vola omeny saingy tsy raharahainy akory izany. Nony farany, tsy nahatanty intsony ilay ramatoa ka nanapa-kevitra ny hisintaka ny tokantranony. Ry zareo rahateo tsy mbola mpivady ara-dalàna saingy efa roa ny zanany.

*Efa ela no nisy disadisa teo amin'izy mivady momba ny fitantanana ara-bola ao an-tokantranony.*

**Tsy zakany**

Ny sabotsy lasa teo no nandao ny tokantranony ilay ramatoa ary nentiny nanaraka azy avokoa ireo zanany roa. Ilay rangahy irery sisa no tao an-trano. Teo vao taitra ilay rangahy fa tsy azo notazonina intsony ilay ramatoa fa efa tapa-kevitra ny handeha tokoa. Vao roa andro monja no nandehanan'ireo vady aman-janany dia tsy nahazaka ilay rangahy. Tsy hitany intsony izay natao ka izao tonga tamin'ny famonoan-tena izao. Vetivety dia niely tao antoerana ny nanjo azy satria mpivaro-kena no asany ka maro mpahafantatra. Efa nampandrenesina moa ny fianankaviany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ihany koa ny raharaha.

**R.C**

Ankazobe

## Tovolahy nentin'ny dahalo niaraka amin'ny omby

Dahalo am-polony nitam-piadiana no nanafika tao amin'ny fokontany Maharidaza, distrikan'Ankazobe, ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Lasan'ireo dahalo tamin'izany ny tovolahy iray mpiandry omby niaraka tamin'ny omby miisa telopolo nandrasany. Nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ny mponina raha vao nandre ny zava-nitranga. Nandray ny andraikiny ny miaramila, izay manatanteraka ny hetsika Tselatra any amin'iny faritra iny. Raikitra ny fanenjehana ireo dahalo. Tsy lasa lavitra akory dia tratra ireto farany. Vaky nandositra anefa ireo dahalo raha vao nahita ireo miaramila ka navelany avokoa ny omby sy ilay tovolahy nataony takalonaina. Efa naverina any amin'ny fianankaviany ilay tovolahy ary nomena ny tompony avokoa ireo omby rehetra. Mitohy hatrany kosa ny fanarahan-dia ireo dahalo.

**R.C**

Ankasina

## Lehilahy nahatratrarana antsy lava lela

Lehilahy iray 41 taona no voasambotry ny polisy teny Ankasina ny alahady lasa teo. Mirongatra ny tranga tsy fandriampahalemana eny amin'ny faritra 67 ha sy ny manodidina ka tena mampitaraina ny mponina eny izany. Teo anatrehan'izany dia nanamafy ny fisafoana nataony ny polisy mba hisorohana ny asa ratsy. Tamin'io andro io, araka izany, dia nandeha nidina teny an-toerana ireo mpitandro filaminana ka tovolahy enina no nifanehatra tamin'izy ireo. Hita fa mampiahiahy ny fihetsik' izy enin-dahy ka voatery tsy maintsy najanona sy nosavaina karapanondro. Nandritra ny fisavana natao an-dry zalahy ireo no nahitana antsy lava lela tany amin'ity lehilahy ity. Notazonina avy hatrany izy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy. Ireo namany dimy lahy kosa rehefa voamarina fa taratasy ara-dalàna no hita teny amin'izy ireo dia nasaina nody.

**T.H**

Ambodinisotry

## Sarona ireo efa-dahy nanendaka mpiantsena

Lehilahy efatra no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny boriborintany fahefatra teny amin'ny faritra Ambodinisotry, afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Fantatra fa nanendaka olona niantsena ry zalahy tamin'io. Nandritra ny fotoana nanaovan'ireo mpitandro filaminana fisafoana teny an-toerana no nahitana ireto jiolahy efatra ireto teo ampanaovana ny asa ratsiny. Olona avy nividy fitaovan'ny mpianatra no nataon-dry zalahy lasibatra tamin'io. Ny roa tamin'ireo olon-dratsy nanaraka azy avy ao aoriana ary ny roa hafa kosa nanakana ny lalany. Tsy nanampo mihitsy ry zalahy hoe hisy hahatsikaritra ny asa ratsiny. Nanao fanamiana sivily rahateo ireo polisy. Raha vao nahita izany fihetsika nataon'ireo mpanendaka izany ny polisy dia niroso tamin'ny fisamborana. Teo anatrehan'izay dia lasa nandositra ry zalahy ka nifanenjehana, ary tsy lasa lavitra dia tratra avokoa. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy efa-dahy taorian'ny fisamborana. Notanana tany sy miatrika famotorana izy ireo. Fantatra fa ny telo lahy dia avy ao Andranomanalina avokoa, izay 19 taona sy 21 taona ary 22 taona. Ny lehilahy iray faninefany, 39 taona, kosa avy eny Ampandrana. Mitohy ny famotorana eo anivon'ny mpitandro filaminana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny fampanoavana.

**T.H**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Biby**




## Hatsikana an-tsary

**Noraofiny**




## Masoandro Miposaka

**Habakoka 2 : 1**

**Hitsangana eo ambonin'ny fitazanako aho Ary hijoro eo ambonin'ny manda, Hiandry hahitako izay holazainy amiko Sy izay havaliko amin'ny fitarainako.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ao ihany ny takatra nihinana ny valala sy ny vano nitsaingoka ny sahona.**

Le " takatra " (grand oiseau) qui a mangé les sauterelles, et le héron qui a happé les grenouilles, sont là.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3019**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 2 | | | 6 | | |
| 6 | | 7 | 3 | | | | 2 | 9 |
| | | 9 | | | 6 | | 1 | 3 |
| | 3 | | | | | 7 | 9 | 8 |
| | 1 | 8 | | | | 3 | 5 | |
| 2 | 9 | 5 | | | | | 4 | |
| 9 | 7 | | 8 | | | 4 | | |
| 1 | 8 | | | | 3 | 9 | | 7 |
| | | 3 | | | 7 | | | |

Valin'ny laharana **3018**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 6 | 8 | 3 | 4 | 2 | 9 | 5 | 7 |
| 9 | 5 | 3 | 6 | 8 | 7 | 2 | 1 | 4 |
| 7 | 4 | 2 | 5 | 1 | 9 | 6 | 8 | 3 |
| 5 | 3 | 7 | 2 | 6 | 4 | 1 | 9 | 8 |
| 8 | 2 | 1 | 9 | 5 | 3 | 4 | 7 | 6 |
| 6 | 9 | 4 | 8 | 7 | 1 | 3 | 2 | 5 |
| 2 | 8 | 9 | 4 | 3 | 5 | 7 | 6 | 1 |
| 3 | 1 | 6 | 7 | 2 | 8 | 5 | 4 | 9 |
| 4 | 7 | 5 | 1 | 9 | 6 | 8 | 3 | 2 |

Tontolon'ny fitsarana

# Vaky ny ady eo amin'ny vadintany sy ny mpisolovava !

*Manoloana ny karazan-disadisa toy izao dia tokony hisy ny fiaraha-miasa akaiky eo amin'izy ireo, satria samy olon'ny lalàna.*

Nampiaka-peo ! Tsy manaiky lembenana manoloana ny fanambaniana sy ny fitsabahana andraikitra ataon'ny mpisolovava ireo vadintany manatanteraka ny asany. Vaky araka izany ny ady eo amin'ny andaniny sy ny ankilany manoloana ny fihetsika tsy voatandrina nataon'ny mpisolovava iray teny Isotry, ny zoma faha-04 aogositra lasa teo. Araka ny fanazavana nentin'ny vadintany tamin'ny mpanao gazety omaly tetsy Ampefiloha, dia teo am-panatanterahana ny asany izy ireo no nosakanan'ity mpisolovava ity tsy hanao izany. « *Izahay matoa manatanteraka ny asanay dia ao anatin'ny ara-dalàna tanteraka. Efa nisy didy raikitra nivoaka teno anivon'ny Fitsarana Tampony matoa natao izany. Marina fa nisy ny resaka « bref délai » izay nivoaka ka mampiverina izany any amin'ny fitsarana Ambaratonga voalohany indray, kanefa tsy maharesy ny didy raikitra efa navoakan' ny Fitsarana Tampony izany* », hoy ny Me Baholy Harinony Sylvie, delegué eto Antananarivo ao anatin'ny antenimieran'ny vadintany. Notsindriany fa mitondra ny firaisan-kina manoloana ny antsojay mahazo ireo vadintany manao ny asany ny birao nasionaly misy azy ireo, izay nosoloiny tena.

**Tao anatin'ny fanarahan-dalàna**

Nanamafy kosa ny Me Olivia Razafindrahasy, ilay niharan' ny fanakanana mivantana nataon'ilay mpisolovava, fa tsy mendrika ny fihetsika tahaka ireny fa tokony hifanaja. « *Eo anoloan'ny ny fitsarana ny asan'ny mpisolovava ary manatanteraka didimpitsarana eny an-kianja no asan'ny vadintany, ka aoka tsy hifampitsabaka andraikitra, satria samy olon'ny lalàna. Samy manana ny asa sy ny fahefana nomena azy. Toherinay ihany koa ny karazam-panalam-baraka sy ny fanendrikendrehana fa nisy entana na vola very nandritra ny fanatanterahana ny asa. Tsy azo ekena ny fanakantsakanana vadintany manao ny asany, na ny « entrave à l'exécution »* », hoy ity vadintany ity. Hentitra izy raha nilaza fa tao anatin'ny fanarahan-dalàna tanteraka no nanaovan'izy ireo ny asany. Nijoro ho vavolombelona nanoloana ny mpilaza vaovao moa ny olona nampiharana didy ka nanamarina fa tsy nisy very na ny entana na ny volan'izy ireo. Ho hita eo indray ny tohin'ity raharaha ity.

**JUDD**

Birao politika TIM teny amin'ny CENI

# Nangataka ny hijerena manokana ireo olona 240 451 tsy tafiditra anaty lisi-pifidianana

Tonga teny amin'ny CENI nangataka ny hijerena manokana ireo olona 240 451 tafiditra tao anaty lisi-pifidianana vokatry ny fanavaozana isantaona natao tamin'ny 2021-2022 (Rale) kanefa tsy voasoratra anarana tao anatin'ny rejisi-pifidianana nasionaly narafitra taorian'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy (Refonte), ireo delegasiona avy amin'ny antoko TIM notarihan'ny Sekretera Jeneraliny, Rina Randriamasinoro, omaly. Nilaza ity farany nandritra izany fa isan'ny tomponandraikitra voalohany afaka manatanteraka ny voalazan'ny lalàna momba ny fisitrahan'ny olompirenena zo handeha hifidy ny CENI ka tokony hijery ny fomba hamerenana ireo olona telo hetsy latsaka ireo. Ao anatin'izany rehetra izany, rehefa natao ny fampitahana ny antontanisa isaky ny faritany vokatry ny « Refonte » sy ny « Rale » 2021 -2022 dia niakatra avokoa ny isan' ny olom-pirenena voasoratra anarana ao anatin'ny rejisi-pifidianana nandritra ity fanavaozana tanteraka ity ankoatra ny eto amin'ny faritanin'Antananarivo. Raha 3 633 572 izany tao amin'ny « Rale » dia lasa 3 393 121 izany taorian'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy, izany hoe nihena 240 451.

**Mamy R.**

Tale Jeneralin'ny CNaPS vaovao

# Hamerina ny fitokisan'ny mpandoa latsakemboka sy hampihatra ny mangarahara

Taorian'ny fanendrena nataon' ny Filankevitry ny minisitra dia nandray ny asany tamin'ny fomba ofisialy nanomboka omaly ny Tale Jeneraly vaovao eo anivon'ny Tahirimpirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy na ny CNaPS, Atoa Rahaingonjatovo Vimbina. Vita omaly teny Ampefiloha ny famindrampitantanana teo aminy sy ny Tale Jeneraly mpisolo toerana teo aloha Rtoa Tsaboto Joslina. Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Atoa Tale Jeneraly vaovao no nanehoany fahavononana hamerina indray ny fitokisan'ny mpandoa latsakemboka sy ny fampiharana ny mangarahara eo amin'ny fomba fitantanana ity sampandraharaha ity. Nanamafy ihany koa ny tenany fa hiezaka hitondra fanovana sy ny fanatsarana ao anatin'izany. « *Ny asanay voalohany, dia ny hamerina ny fitokisan'ny rehetra* », hoy Atoa Rahaingonjatovo Vimbina. Nisoatra manokana ny fitondram-panjakana ihany koa izy, izay nahatonga azy tamin'izao toerana izao. Miantso ny mpiara-miasa rehetra mba hifarimbona sy hifanome tanana amin'ny fampandehanana ny asa mba ho fanomezana fahafaham-po ireo mpandoa latsakemboka.

**JUDD**



Izy no Rahaingonjatovo Vimbina, Tale Jeneralin'ny CNaPS manomboka izao.

" International Démocrate-Centriste "

## Manohana ny filatsahan'i Hajo A. ho Filoha

Misy akony eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sahady ny fanambarana nataon'ny filohan'ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM), Hajo Andrianainarivelo, ny amin'ny filatsahany hofidiana ho filoham-pirenena. Isan'ny sy nankasitraka io fanapahan-kevitra io ny antoko « International Démocrate Centriste » (IDC- CDI). Tamin'ny alalan'ny taratasy nalefan'ity farany avy any Bruxelles no nanehoany fanohanana ny filohan'ny antoko MMM hilatsaka hofidiana ho Filoham-pirenena amin'ny 9 novambra izao. Tsara tsiahivina fa misy firenena 83 ny mpikambana ao anatin'ny IDC- CDI ary misy antoko politika 109, ka tafiditra ao anatin'izany ny MMM. Mihevitra ny IDC- CDI fa isan'ny kandidà azo itokisana sy hany tokana antenaina hitondra fanovana ho an'i Madagasikara i Hajo Andrianainarivelo. Hanome lanja azy manokana ny fanohanan'ny antoko avy any ivelany toy izao.

**JUDD**

## Marina izany !

### Mandry andriran'antsy!

**Iniana tsy itadiavam-bahaolana ve sa tsy voafehy? Io no fanontaniana miverimberina ao an-tsain'ny olompirenena, manoloana ny tsy fandriam-pahalemana, amoizana fananana sy ain'olona matetitetika, tato anatin'ny volana maro? Manitikitika io fanontaniana io satria amin'ny fotoana naha vory lanona ny governemanta, nandray anjara tamin'ny lalao ara-panatanjahan-tena tany Toamasina mihitsy no mitranga ny fanafihana. Raha tsiahivina dia ny alahady lasa teo no notetezin'ny andian-dahalo maherin'ny roapolo, mirongo basy ny mpivarotra maro tany Mangabe, Toamasina faharoa. Ary tsy vitan'ny very fananana fotsiny ireo lasibatra fa nisy aina nafoy mihitsy. Nanaitra ny zava-misy satria miandahy miambavy ireo jiolahy nanafika ireo. Toy ny mateti-pitranga dia miaro ny fananany ny fokonolona ka nisy namoy ny ainy ary nisy ny takalonaina. Trangan-javatra sady mampitaintain-dava sy mampandry an-drirantsy ny isantokatrano no mampieritreritra ihany koa, satria tsy hita taratra ny ezaka ataon'ny tompon'andraikitra, hametrahana fandriam-pahalemana maharitra. Na dia misy aza mantsy ny vahaolana dia, na matetika masaka eny ambony latabatra fa tsy misitraka ny vokany ny vahoaka, na midina ifotony ihany ny iraka manokana fa mandritra ny fotoana fohy. Vokany, milamina ny toerana anaovana hetsika rehefa eny antoerana ny mpitandro filaminana, saingy miverina kosa ny asan-jiolahy raha vao midify izy ireny. Misy aza toerana any ambany ravin-kazo any, ireo natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany indray no mampihorohoro sy mampiasa hery amin'ny mpiray tanindrazana aminy! Lesoka izay iandrandrana vahaolana dieny mbola tsy halohalika ny ranom-bary !**

Voahangy Rakotozafy

Herisetra mihatra amin'ny mpanao gazety

## Nametraka fitoriana eny amin'ny pôlisy ny holafitra

Asan-jiolahy ve sa misy ifandraisany amin'ny asa ? Io no anisan'ny fanontaniana manitikitika ny saina manolona any herisetra mihatra amin'ny namana mpanao gazety 2, tato anatin'ny andro vitsivitsy izao. Raha tsiahivina dia ny alin'ny alatsinainy teo no nisy nively « Boiron » teo amin'ny lohany ny mpanao gazetin'ny « Kolo TV », Gaétan Andriatsilavo. Ny zoma lasa teo kosa no nisy niharan'ny herisetra, tany amin'iny faritr'i Vakinanjaratra iny ny mpanao gazety avy ao amin'ny « Viva ». Itsy farany izay tsiahivina fa nanao fanadihadiana mahakasika halatra tany mateti-pitranga any antoerana. Manoloana ireo dia nametraka fitoriana eny amin'ny pôlisim-pirenena ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety, Monica Rasoloarisoa. Ankoatra izay dia nanamarika ny holafitra, ao anatin'ny fanambarana nataony fa mankahery ireo mpanao gazety niharan'ny herisetra ary manao antsavo amin'ny mpitandro filaminana mba hanamafy ny fiarovana, indrindra ireo eny am-panatanterahana ny asany. Nanamarika ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety fa miara-miasa amin'ny mpitandro filaminana, mba ahitana ny marina mikasika ireo raharaha ireo.

**V.R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Famatsiana solika ny JIRAMA

# Manambana hanao fitokonana ireo mpitatitra

*Nanome fepotoana hatramin'ny 15 aogositra hitadiavam-bahaolana.*

Mananontanona ny krizy vaovao eo anivon'ny orinasa JIRAMA. Nanome fepotoana hatramin'ny 15 aogositra ho avy izao ireo mpitatitra solika mivondrona ao anatin'ny APTH (Association Professionnelle des Transporteurs d'Hydrocarbures) hitadiavam-bahaolana amin'ny fandoavana ny trosan'izy ireo, izay mitentina 14 miliara Ariary latsaka kely. Nampitandrina ireto farany fa mety hiroso amin'ny fitokonana raha dila io fepotoana io. Tao anatin'ny taratasy nalefan'ity fikambanana ity ho an'ny minisitry ny angovo sy ny akoranafo tamin'ny 7 aogositra lasa teo no nivoahan'ny vaovao. Nampahatsiahivin'ireo mpitatitra fa efa nisy ny fifanekena natao tamin'ny volana aprily tamin'ity taona ity mikasika ny fandoavana ny vola tsikelikely eo amin'ny 2 miliara Ariary isam-bolana mandritra ny enim-bolana, izay mitontotaly 13 miliara Ariary latsaka kely. Indray mandeha ihany anefa no voalaza fa nisy famerenambola voalohany ho an'ny mpitatitra sasany raha toa ka mbola tsy nahazo ny anjarany mihitsy ny mpitatitra hafa mandraka ankehitriny. Voalaza tao anatin'ity taratasy ity koa fa mbola nisy ny fanetsehana azy ireo tamin'ny famatsiana solika ny JIRAMA tamin'ny 22 jona lasa, izay nentina nanatanterahana ny fetim-pirenena, ary mbola nampanantenana ny handoavana ny trosa izy ireo. Voatery tsy maintsy nitrosa tany amin'ireo mpamatsy azy ireto mpitatitra ireto, ka takafatra 14 miliara Ariary latsaka kely voalaza etsy ambony io ny fitambaran'ny trosan'izy ireo any amin'ny JIRAMA. Milaza ho sahirana ireto orinasa miara-miasa amin'ny famatsiana solika ny JIRAMA ireto ankehitriny, ka mahatonga azy ireo mangataka vaha olana maika. Iaraha-mahalala anefa fa noho ny olan'ny famatsiana solika no nahatonga ny delestazy nahery vaika talohan'ny fankalazana ny faha-63 taona fetim-pirenena. Efa tapitra tamin'ity herinandro ity koa ny fepotoana nomen'ny filoham-pirenena hivahan'ny olan'ny delestazy. Tsy mbola naharenesam-peo mikasika ity vaovao ity ny teo anivon'ny minisitera sy ny JIRAMA.

**R. Muray**

Mandritsara

# Voan'ny bilarziozy ny 75 isanjaton'ny olona hatramin'ny omby

Voan'ny bilarziozy ny 75 isanjaton'ny olona, eny hatramin' ny omby, any Mandritsara, faritra Sofia, amin'izao fotoana izao. *"Lasa mirongatra ny bilarziozy aty aminay. Izany dia noho ny tsy fahampian'ny rano. Ny orana tsy mirotsaka ka voatery izay rano hita dia ampiasaina, ka izay olona rehetra mampiasa an'izany dia voa avokoa, hatramin'ny omby aza. Rehefa tsy ampy ny rano dia tsy mandeha ny renirano ka mihandrona amin'ny toerana iray. Ireny sifotra sy akoranjavatra anaty rano ireny no misy azy io. Raha vao misotro na misasa amin'ny rano misy an'izany dia voa avy hatrany ary tena misy ny bilarziozy aty aminay noho ny faharatsian'ny rano ampiasana amin'ny fiainana andavanandro"*, hoy ny dokotera iray any an-toerana. Raha ny fanazavana nomen'ny solontenan' ny mponina dia *"be kibo avokoa ny ankamaroan'ny zanakay. Misy ny mipipy rà rehefa mivalan-drano ary raha vao tara ny fanatonana toeram-pitsaboana dia mihombo ny aretina. Ny olana dia ny tsy filatsahan'ny orana. Io no antony mampisy ny Bilarziozy aty aminay"*, hoy ny renim-pianakaviana iray. Raha ny antony lehibe mahatonga ny tsy filatsahan'ny orana dia ny fiovaovan'ny toetry ny andro, noho ny fahasimban'ny tontolo iainana. Maro loatra ny doro tanety sy ny manao tavy eto amintsika.



Be kibo toy izao ny olona voan' ny Bilarziozy. (Sary fanehoana)

**Herinaina A.**

Kaominina Alasora

# Nihatsara ny voka-panadinana Cepe, 60 isanjato, sy Bepc 85 isanjato

Nihatsara ny voka-panadinana ho an'ny fanadinam-panjakana Cepe, 60 isanjato, sy Bepc 85 isanjato, teny amin'ny kaominina Alasora. *"Tsara ny vokapanadinana raha mitaha ny tamin'ny taon-dasa satria misy hatrany ny fanokanan' ny kaominina tetibola nanomanana sy nanomezana ny "cours" maimaimpoana ho an'ireo mpanala fanadinana tato anatin'ny Zap Alasora. Izany no natao dia noho ny fangatahan'ny vahoaka sady neken'ny mpanolatsaina kaominaly. Raha ny asa sosialy ataonay eto anivon'ny kaominina amin'ny sehatry ny fanabeazana dia mitohy hatrany ny famahanana sakafo an'ireo mpianatra ireo isaky ny Cepe ary nanome sakafo an'ireo mpitsara fanadinana kosa tamin'ny Bepc. Tamin'ny Bakalorea indray dia izahay no nisahana ny fitaterana ny laza adina niaraka tamin'ny tomponandraikitra ary nanatitra ny taratasim-panadinana teny amin'ny foibem-panadinana"*, hoy Atoa Jimmy Randriantsoa, ben'ny tanànan'Alasora, taminay omaly.



Rtoa vadin'ny ben'ny tanàna nizara sakafo nandritra ny Cepe teo.

*"Nanomezana cours maimaimpoana ny mpanala fanadinana".*

**Taona maro**

Eo hatrany ny kaominina manampy amin'ny tontolon'ny fanabeazana mba ho fitsinjovana ny ho avin'ny kilonga eny an-toerana. Tsiahivina fa nandritra ny taona maro, hatramin'ny nitantanan'ny ben'ny tanàna sy ny ekipany ny kaominina Alasora, dia tsy tapaka ireo fanomezana fanampiana maro ho an'ny mpianatra miatrika ny fanadinam-panjakana rehetra. Ny tanjona dia ho fanampiana ny ray aman-drenin'ny mpianatra mba ho maivana ny fandaniana ary tsy hitebiteby amin'ny sakafo antoandro ho an'ny mpanala Cepe. Ny mpiadina rehetra amin'ny Bepc sy Bakalorea koa dia samy afaka nanaraka ny "cours" maimaimpoana ka ny kaominina no miantoka ny lany rehetra amin'ny efitrano nianarana sy ny mpampianatra nanome an'izany.

**Heriniaina A.**

Foara " L'Expo " tany Sina

# Nanokatra varavarana ho an'ny vokatra malagasy




Nanao ny tatitra tamin'ny mpanao gazety ny mpiandraiki-draharaha mpisolo toerana eo anivon'ny masoivohon'i Sina. (Sary : Kelly R.)

Notanterahina tamin'ny 29 jona ka hatramin'ny 2 jolay lasa teo, tany Changsha, ny « L'Expo », na ny varotra fampirantiana ara-toekarena sy ara-barotra eo amin'i Sina sy Afrika. Orinasa malagasy fito no nandray anjara tamin'ity andiany fahatelo ity, koa afaka nampiranty ny vokatra sangany eto Madagasikara tao anatin'ny tranoeva mirefy 300 metatra tora-droa ($m^2$) izy ireo, toy ny lavanila, ny jirofo, ny rôma, ny sôkôla, ny kakaô, ny lohamenaka, ary ny vokatra lamba. Nahafa-po ireo mpandraharaha malagasy ny fandraisana anjara tao anatin'ity foara ity, saingy mbola nangataka fiaraha-miasa bebe kokoa izy ireo. *"Tsara raha mikarakara seminera maromaro hoentina mampahafantatra ny tsena any Sina. Irariana ny mba handraisan'ny mpandraharaha malagasy anjara bebe kokoa amin'ireo foara lehibe hafa tanterahina any amin'ity firenena ity, toy ny foaran'i Sanghai na ny foaran'i Canton, satria mbola vitsy ireo nandray anjara tamin'ny "L'Expo". Tsara ihany koa raha manohana ny mpandraharaha malagasy amin'ny fametrahana indostria isaky ny distrika ireo mpandraharaha sinoa"*, hoy ny filohan'ny federasiônin'ny antenimieran'ny varotra sy ny indostria eto Madagasikara. Navohitran'ny filohan'ny vondrona amin'ny fihariana kakaô eto Madagasikara, ohatra, fa tsy mbola tena fantatry ny tsena any Sina ny vokatra kakaô mbola tsy voahodina avy eto Madagasikara, kanefa mahavita mamokatra vovoka kakaô eo amin'ny 17 000 taonina isan-taona ny eto amintsika.

**Fifanaraham-piarahamiasa**

Nitarika ny delegasiônina malagasy tany an-toerana ny minisitry ny raharaham-bahiny sy ny minisitra lefitra misahana ny fiompiana. Vita sonia tany koa ny arofenitra fifanarahana mikasika ny fanarahamaso sy ny fampihibohana ny henan'ondry avy aty Madagasikara aondrana mankany Sina. Nilaza ny firenena sinoa fa manana fahafahana manafatra henan'ondry eo amin'ny 1 000 taonina isan-taonina, ary nanaiky hanaja ny fenitra takian'ny tsena sinoa ny fanjakana malagasy. Nisy koa ny fanaovan-tsonia fifanarahana momba ny "Visa" ho an'ireo mpamita iraka manana pasipaoro diplaomatika. Notanterahina omaly, tao amin'ny Tometal Mahamasina, ny fanaovana ny tatitry ny vokatra azo nandritra ny "L'Expo".

**R. Muray**






Andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy

# Nisy fifanakalozan-kevitra tamin'ny fikambanam-behivavy tany Manakara

Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy ny tao amin'ny faritra Fitovinany. Nisy ny fifanakalozan-kevitra tamin'ireo fikambanambehivavy maro natao tao Manakara. Ireo fikambanana misehatra ara-tsosialy sy ny vehivavy mpandraharaha no nanatrika ny atrikasa roa andro lasa izay. *"Nisy ny fampirantina ny asa tanan'ireo fikambanam-behivavy. Tao ireo nijoro vavolombelona mikasika ny fivoarana azony tamin'ny fikirakirana ny teknolojia. Tsy hadino ny nanentanana ho fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny fikambanana sy Fitaleavam-paritry ny Mponina"*, hoy Rtoa Jolcette Emilienne, talen'ny fampivoarana ny vehivavy sy ny miralenta, nisolo tena ny minisitry mponina Soafilira Princia. Isan'ireo mpitarika nanatrika an'ity atrikasa ity ny filohan'ny fikambanana Madiofo, Orange Madagascar, ACCES, UNICEF, UNFPA, DRS Fitovinany, BFP, ary ny DRED. Tanjona tamin'izao fankalazana izao ny fanombohana ny politikam-panjakana 2023-2030 tanterahin'ny Ministeran'ny Mponina ho an'ny fitovian-jo eo amin'ny mahalahy sy mahavavy.



Ireo tomponandraikitra eo anivon' ny Minisiteran'ny Mponina nandritra ny atrikasa.

**Heriniaina A.**